


# Ny Maso

**Kitapon-dranomaso**

**anakandriamaso**

**maintimaso**

**fantson-dranomaso**  
 avy eo amin'ny maso  
 mankany amin'ny  
 orona




Ny **saro-tapotsimaso** dia ilay sosona manify manarona ny tapotsimaso.

Ny **fitaramaso** dia ilay sosona mazava na mangarahara manarona ny maintimaso sy ny anakandriamaso.

## FAMBARA LOZA

Saro-pady ny maso ary mila fikarakarana tsara. Mitadiava dokotera haingana raha toa miseho ireto fambaraloza manaraka ireto:

1. Ny ratra rehetra izay nanataka na mandrovitra(mamakivaky) ny voamaso.
2. Teboka manopy volondavenona,manaintaina eo amin'ny fitaramaso, menamena ny manodidika ny fitaramaso(ferin'ny fitaramaso).
3. Fanaintainana be ao anaty maso(mety hofivaivain'ny anakandriamasona areti-maso miteraka fihenana'ny taham-pahitana).
4. Tsy fitoviana lehibe eo amin'ny hangezan'ny anakandriamaso rehefa misy manaintaina ao anaty maso na ny loha.



Ny tsy fitoviana lehibe eo amin'ny hangezan'ny anakandriamaso dia mety avy amin'ny fahasimban'ny atidoha, fihetsehana aretina tampoka, ratra eo amin'ny maso, areti-maso miteraka fihenana'ny taham-pahitana, na fivaivain'ny anakandriamaso. (Ny tsy fitoviana kely dia ara-dalàna eo amin'ny olona.)

5. Rà ao ambadiky ny fitaramaso ao anaty maso (jereo p. 225)

6. Raha manomboka misy olana amin'ny fahitana ny maso ilany na izy na izany

7. Hazavana fotsy na aloka eo amin'ny anakandriamaso. Mety ho famantarana homamiadana izany (retinoblastoma) na zavo-maso (jereo p. 225).

8. Otrikaretina na firehetan'ny maso izay tsy mihasitrana ao anatin'ny 5 na 6 andro nanaovana ny fitsaboana amin'ny antibiotika miendrika menaka fanosotra ny maso.



## RATRA MAHAZO NY MASO

Ny ratra rehetra mahazo ny maso dia azo raisina ho mampidi-doza avokoa satria mety hitarika fahajambana izany.


Eny fa na dia tataka kely eo amin'ny **fitaramaso** aza (ilay sosona mangarahara manarona ny maintimaso sy ny anakandriamaso) dia mety hanonitra ary hanimba ny fahitana raha toa tsy voakarakara araka ny tokony ho izy.

Raha lalina be ny ratra eo amin'ny maso ka mahazo ilay sosona mainty ao ambanin'ny sosona fotsy eo ivelany dia tena mampidi-doza tokoa.

Raha toaka misy ratra mahadonto mahazo ny maso (toy ny voan'ny totohondry) ka miteraka fandehanan-drà eo amin'ny voamaso dia atahorana ilay maso, (jereo p. 225). Lehibe kokoa ny loza raha lasa miharatsy tampoka ilay fanaintainana ao anatin'ny andro vitsy, satria mety areti-maso miteraka fihenana'ny taham-pahitana mahery vaika izany (p. 222).

### **Fitsaboana:**



- ◆ Raha mbola mahita tsara amin'ilay maso maratra ilay olona dia asio antibiotika miendrika menaka fanosotra ny maso (p. 378) ao anatin'ny maso ary sarony amin'ny bandy malefaka matevina. Raha tsy mihatsara ao anatin'ny iray na roa andro ilay maso dia mitadiava fanampiana ara-medikaly.
- ◆ Raha tsy mahita tsara amin'ilay maso maratra ilay olona, raha lalina ilay ratra, na misy rà ao anatin'ny maso, ao ambadiky ny fitaramaso (p. 225) dia sarony bandy madio ilay maso ary mandehana mitady dokotera avy hatrany. **Aza potserina ilay maso.**
- ◆ **Aza** esorina ny tsilo nasomisika izay mitsatoka mafy ao anaty voamaso. Mitadiava dokotera.



## AHOANA NY FOMBA HANESORANA DITSOKA AO ANATY MASO

Asaivo akipin'ilay olona ny masony ary mijery miankavia, miankavanana, ambony ary ambany. Avy eo rehefa hazoninao hihiratra ny masony dia asaivo mijery ambony avy eo ambany izy. Hahatonga ny maso hamokatra ranomaso betsaka izany ka dia hivoaka ho azy ilay nanditsoka.

Na azonao atao ny manandrana manala ilay vovoka na fasikakely amin'ny alalan'ny fanondrahana ny maso amin'ny rano madio (p.219) na ny fampiasana riran-damba madio na vovon-dandihazo nolemanana. Raha ao ambanin'ny hodi-maso ambony ilay loto dia tadiavo izany amin'ny alalan'ny famadihana ilay hodi-maso eo ambonin'ny hazo kely. Tokony mijery ambony ilay olona rehefa manao io fihetsika io ianao:



Ilay piti-javatra matetika dia hita ao anatin'ilay mikentrona kely manakaiky ny sisin'ny volomaso. Esory amin'ny sisin'ny lamba kely madio izany.

Raha sarotra aminao ny manala ilay piti-javatra dia mampiasa antibiotika miendrika menaka fanosotra ny maso, sarony amin'ny bandy ilay maso ary mandehana mitady dokotera.



**FAHAMAIZANA SIMIKA MAHAZO NY MASO**

Ny asidran’ny bateria,hydroxide,lasantsy,na poizina famonoana biby kely izay tafiditra ao anaty maso dia mety mampidi-doza.Hazòny hisokatra ilay maso. **Tondrao eo no ho eo amin’ny rano madio mangatsiaka ilay maso.Tondraho mandritra ny 30 minitra**, na mandrapahatapitry ny fanaintainana.Aza avela hiditra amin’ilay maso ilany ny rano.



**MASO MENA, MANAINAINA—ANTONY ISAN-KARAZANY**

Maro isan-karazany ny olana miteraka maso mena, manaintaina. Ny fitsaboana arak any tokony ho izy dia miankina amin’ny fahafantarana ny antony ka dia jereo tsara ireo famantarana ho an’ny mety ho antony tsirairay. Ity tabilao ity dia mety hanampy anao hamantatra ilay antony:


zavatra vahiny(loto kely,sns.) eo amin’ny maso(p.218)		matetika tsy mahazo afa-tsy ny ila-maso; menamena sy fanaintainana miovaona	
may na rano mampidi-doza ny maso (p.219)		ilany na izy roa; menamena sy fanaintainana miovaona	
‘maso mavokely’(takodimena,p.219) rivotra(takodimena Ateraky ny tsy fahazakana, p.165) fivotrovotron’ny temimaso(p.220) kitrotro(p.311)	hiharatsy	matetikany <b>maso roa</b> (mety hanomboka sy fahazakana amin’ny maso ilany) matetika mena be eo amin’ny sisiny ivelany manaintaina ‘mirehitra’malefaka matetika	
areti-maso miteraka fihenana’ny taham-pahitana(p.222) ratra kely na fery eo amin’ny fitaramaso (p.224)		matetika <b>maso ilany ihany</b> ; fivaivain’ny(p.221) anakandriamaso mena kokoa manakaiky ny fitaramaso matetika manaintaina be	

**‘TAKODIMENA’(CONJUNCTIVITIS)**

Io otrikaretina io dia miteraka menamena, nana, ary‘firehetana’ malefakao amin’ny maso ilany na izy roa. Matetika dia miraikitra ireo hodi-maso rehefa avy matory.Mateti-pitranga eo amin’ny ankizy izany.

**Fitsaboana:**

Voalohany dia diovy amin’ny lamba kely madio nolemana tamin’ny rano avy nampangotrahana ny nana eo amin’ny maso. Avy eo dia asioantibiotika miendrika menaka fanosotra ny maso(p.378).Sintony ny hodi-maso ambany ary asio menaka fanosotra kely**ao anatin’ny**,toy izao: Ny fanosorana menaka ny ivelan’ny maso dia tsy mandaitra.



**TANDREMO:**  
Aza atao mahakasika ny maso ilay tranony.

**Fisorohana:**


Ny ankabeazan’ny takodimena dia mifindra be. Mora mifindra avy amin’ny olona iray mankany amin’ny olona iray hafa ny otrikaretina. Aza avela milalao n amatory miaraka amin’ny namany ireo ankizy voan’ny takodimena, na koa hampiasa servieta itambarana amin’ny hafa.Sasao ny tana rehefa avy nikasika ny maso.

## FIVOTROVOTRON'NY TEMIMASO

Ny fivotrovotron'ny temimaso dia otrikaretina maharitra izay miharatsy miadana. Mety haharitra volana na taona maro izy io. Raha toa tsy voatsabo mialoha dia miteraka fahajambanaindraindray. Mifindra amin'ny fikasihana na avy amin'ny lalitra izy ary mateti-pitranga eo amin'ny toerana maneho trangam-pahantrana sy feno olona.



### Famantarana:

- Ny fivotrovotron'ny temimaso dia manomboka amin'ny maso mena mitsory ranomaso, toy ny takodimena mahazatra.
- Aorian'ny volana iray na mihoatra misy fivontosana kely miloko mavokely volondavenona antsoina hoe fôlikiola ao anatin'ny hodi-maso ambony. Mba hahitana izany dia avadiho toy ny amin'ny sary ny hodi-maso, p. 218.
- Somary mena ny fotsy eo amin'ny maso.
- Aorian'ny volana vitsy, raha mandinika tsara ianao na mijery amin'ny lopy, dia ho hitanao fa ny tampon'ny sisin'ny fitaramaso dia ho toy ny volondavenona, satria misy lalan-drà kely maro ao anatin'ny (*pannus*).
- Ny fitambaran'ny fôlikiola sy ny pannus efa azo antoka ihany fa fivotrovotron'ny temimaso.
- Aorian'ny taona maro, mihamanjavona ireo fôlikiola, ka mamela holatra manopy fotsy.



manatevina ny hodimaso ireo holatra ary mety hanakana ny maso tsy hihiratra na hikipy.

Na mety hitarika ny hodi-maso hidina ao anaty maso izany, hikiky ny fitara-masoary hiteraka fahajambana.



### Fitsaboana ny fivotrovotron'ny temimaso:

Asio Tetracycline 1% na Erythromycin menaka fanosotra maso (p.378) ao anatin'ny maso in-3 isan'andro, na Tetracycline 3% na Erythromycin menaka fanosotra ny maso in -1 isan'andro. Ataovy mandritra ny 30 andro izany. Mba ho sitrana tanteraka dia mihinàna ihany koa tetracycline (p.355), erythromycin (p.354) na sulfonamide (p.356) mandritra ny 2 hatramin'ny 3 herinandro.

### Fisorohana:

Ny fitsaboana mialoha sy tanteraka ny fivotrovotron'ny temimaso dia misakana izany tsy hifindra amin'ny hafa. Ny olona rehetra miara-monina amin'ny olona voan'ny fivotrovotron'ny temimaso, indrindra ny ankizy, dia tokony zahàna matetika ny masony ka raha misy famantarana miseho dia mila tsaboina mialoha izy ireo. Ny fanasana ny tarehy isan'andro dia manampy amin'ny fisorohana ny fivotrovotron'ny temimaso. Zava-dehibe ihany koa ny fanarahana ireo torolàlana mikasika ny Fahadiovana, nazavaina ao amin'ny Toko 12.

**Ny fahadiovana dia manampy amin'ny fisorohana ny fivotrovotron'ny temimaso.**

## ARETI-MASON'NY ZAZA VAO TERAKA(TAKODIMENAN'NY ZAZA VAO TERAKA)

Raha voan'ny **chlamydia** na **angaboribory** ny reny iray (jereo p.236), dia mety hamindra otrikaretina amin'ny zanany eo am-piterahana. Mankany amin'ny mason'ilay zaza ny otrikaretina ary mety hiteraka fahajambana na olana ara-pahasalamana hafa. Raha lasa mena, mivonto, misy nana be ny mason'ilay zaza ao anatin'ny volana voalohany dia mety voan'ny iray na ireo aretina ireo izy. Zava-dehibe ny manome fitsaboana eo no ho eo.



### **Fitsaboana ny angaboribory:**

- ♦ Tsindrony Ceftriaxone 125mg. eo amin'ny hozatra ambony, in-1 ihany (jereo p.359).

Fitsaboana ny chlamydia:

- ♦ Omeo sirô Erythromycin 30mg., in-4 isan'andro mandritra ny 14 andro (jereo p.359).

Raha tsy afaka manao fitiliana ianao mba ahafantarana hoe aretina inona no niteraka ilay otrikaretina dia omeo fanafody ho an'ireo aretina roa ireo. Tokony diovina sy tsaboina amin'ireo fanafody tanisaina eto ambany ihany koa ny mason'ilay zaza.

### **Fisorohana:**

Maro amin'ireo vehivavy no voan'ny Chlamydia na angaboribory ary tsy mahalala fa voan'ilay aretina ny tenany. Raha tsy hoe nanao fitiliana ilay reny mba hanehoana fa tsy voan'ireo otrikaretina ireo dia asio fanafody ny mason'ireo zaza (jereo p.378) **mba hisorohana ny fahajambana:**

- asio tsipika menaka fanosotra Erythromycin 0.5% hatramin'ny 1% ao anaty mason'ny zaza ao anatin'ny ora 2 aorian'ny nahaterahany. *na*
- asio tsipika menaka fanosotra Tetracycline 1% ao anaty mason'ny zaza ao anatin'ny ora 2 aorian'ny nahaterahany. *na*
- raha tsy manana Erythromycin na Tetracycline ianao dia asio ranona povidone-iodine 2.5% in-1 mitete ao anaty mason'ny zaza ao anatin'ny ora 2 aorian'ny nahaterahany. Misy olona sasany mampiasa ranona nitrate d'argent 1% (na fanafody maso misy argent) ao anaty mason'ny zaza. Ireo fanafody ireo dia manakana ny fahajambana ateraky ny angaboribory, saingy tsy manakana ny fahajambana ateraky ny chlamydia. Ny nitrate d'argent ihany koa dia miteraka firehetan'ny mason'ny zaza mandritra ny andro maro. Raha azonao atao ny mahazo fanafody maso Erythromycin na Tetracycline, na Povidone-iodine, dia mampiasa iray amin'ireo. Azonao ampiasaina ihany anefa ny nitrate d'argent raha tsy manana afats'izy ianao.

Raha voan'ny angaboribory na chlamydia ny mason'ny zaza dia mila tsaboina amin'ireo otrikaretina ireo ihany koa ireo ray aman-dreny, (p.237 sy 359).

## FIVAIVAIN'NY ANAKANDRIAMASO (FIREHETAN'NY ANAKANDRIAMASO)

MASO SALAMA

ANAKANDRIAMASO  
MAVAIVAY

### **Famantarana:**

kely ny anakandriamaso, tsy mitovy tantana

mena ny manodidina ny maintimaso, manaintaina be

Ny fivaivain'ny anakandriamaso matetika dia mitranga amin'ny ila-maso irery ihany. Mety hiseho tampoka na hipoitra tsikelikely ny fanaintainana. Be ranomaso be ilay maso. Marary kokoa izy rehefa eny amin'ny hazavana. Marary ny voamaso rehefa kasihina. Tsy misy nana toy ny takodimena. Mandroroa ny fahitana matetika.

**Efa trangana vonjy taitra izany.** Ny antibiotika miendrika menaka fanosotra ny maso dia tsy mandaitra. **Mitadiava dokotera .**


## ARETI-MASO MITERAKA FIHENAN'NY TAHAM-PAHITANA

Ity aretina mampidi-doza ity dia vokatry nyfihenjanana be loatra eo amin'ny maso. Matetika izy io dia manomboka eo amin'ny faha 40 taona ary antony mahatonga ny fahajambana. **Mba hisorohana ny fahajambana dia ilaina ny mahafantatra ny fambara ny areti-maso miteraka fihenany ny taham-pahitana ary mitady dokotera haingana.**

Misy karazany 2 ny areti-maso miteraka fihenany ny taham-pahitana.

### ARETI-MASO MITERAKA FIHENAN'NY TAHAM-PAHITANA MAHERY VAIKA

Izy ity dia manomboka tampoka amin'ny aretin'andoha na fanaintainana be eo amin'ny maso. Lasa mena ilay maso ary manjavozavo ny fahitana. Ohatran'ny mafy be ny voamaso rehefa tsapaina, toy ny kanety. Mety handoa. Lehibe kokoa noho ny anakandriamason'ilay maso tsy marary ny an'ilay maso marary.




Raha tsy voatsabo mialoha ny areti-maso miteraka fihenany ny taham-pahitana mahery vaika dia hiteraka fahajambana ao anatin'ny andro vitsy. Matetika dia ilaina ny fandidiana. **Manatòna dokotera haingana.**

### ARETI-MASO MITERAKA FIHENAN'NY TAHAM-PAHITANA MAHARITRA ELA

Nyfihenjanana eo amin'ny maso dia mitombo miadana. Matetika dia tsy misy fanaintainana. Mihavery miadana ny fahitana, miantomboka eo amin'ny rirany ary matetika dia tsy tsikarit'ilay olona ilay fahaverezan'ny fahitana. Ny fitiliana ny fahitana ny eo amin'ny riran'ny maso no mety hanampy hamantarana ilay aretina.

#### FITILIANA NY ARETI-MASO MITERAKA FIHENAN'NY TAHAM-PAHITANA



Asaivo tampenan'ilay olona ny masony ilany, ary asaivo mijery zavatra iray mifanintsy aminy amin'ilay maso ilany. Jereo hoe amin'ny fotoana inona no ahitany voalohany ireo rantsan-tanana avy any aoriana mankeo amin'ny ilan'ny loha.

Raha ny tokony ho izy dia eto no ahitana ireo rantsan-tanana voalohany.

Eo amin'ny areti-maso miteraka fihenany ny taham-pahitana, ahitana ny fihetsehanan'ny rantsan-tanana voalohany dia manakaiky ny eo anoloana.

Raha hita mialoha, ny fitsaboana amin'ny fanafody manokana atete ao anaty maso (pilocarpine) dia mety hisoroka ny fahajambana. Tokony ny dokotera na mpiasan'ny fahasalamana izay afaka mandrefy ny fihenjanan'ny maso tsindraindray no manome ny fatrany. Tsy maintsy ampiasaina mandrapahafaty ny fanafody atete ao anaty maso. Raha azo atao dia ny fandidiana ny maso no fitsaboana azo antoka indrindra.

#### Fisorohana:


Ireo olona mihoatra ny 40 taona na ireo manana havana voan'ny areti-maso miteraka fihenany ny taham-pahitana dia tokony mitondra ny fihenjanan'ny masony ho zahana in-drain'ny isan-taona.



## ARETIN'NY KITAPON-DRANOMASO(DACRYOCYSTITIS)

**Famantarana:**

Mena, manaintaina ary mivonto eo ambanin'ny maso, eo akaikin'ny orona. Mijohy ranomaso be ilay maso.Mety hisy nana eo amin'ny zoron'ny maso rehefa potserina moramora ilay fivontosana.



**Fitsaboana:**

- ◆Asio kaompresy mamay.
- ◆ Asio antibiotika atete na miendrika menaka fanosotra ao anaty maso
- ◆ Mihinàna Penicillin(p. 350).

## FAHASHIRANANA EO AMIN'NY LAFIN'NY FAHITANA


Ny zazamanana olana eo amin'ny fahitana na marary andoha na manaitaina ny masony rehefa mamaky soratra dia mety mila solomaso.Ento zahana ny masony.

Eo amin'ny olon-dehibe, tsy mahagaga raha mihàsarotra ny fahitana tsara ny zavatra akaiky rehefa mandeha ny taona. Ny solomaso famakiana soratra dia manampy. Fidio ny solomaso izay ahafahanao mahita tsara 40 sm. (15inches) miala ny maso.Raha tsy manampy anao ny solomaso dia mandehana mankany amin'ny dokotera ho an'ny maso.




## MASO NJOLA SY GILA NA MASO'KAMO'(STRABISMUS,'SQUINT')

Raha mivezivezy toy ity ny maso nefa misy fotoana afaka mijery mahitsy ara-dalàna dia tsy tokony ho taitra ianao.Hihamahitsy ilay maso rehefa mandeha ny fotoana.Saingy raha toa tsy amin'ny toerany mihitsy ilay maso ka tsy voatsabo vao mbola kely ilay zaza dia mety tsy ahita tsara intsony mihitsy izy amin'ilay maso.Mandehana manantona dokoteran'ny maso faran'izay haingana indrindra mba ahafantarana raha mety hanampy ny fanaronana ilay maso tsy maninona, na ny fandidiana na ny fanaovana solomaso manokana.




Ny fandidiana atao rehefa mihalehibe ilay zaza dia hanitsy ilay maso ary hanatsara ny tarehin'ilay zaza, saingy tsy hanampy ilay maso hahita kokoa.

ZAVA-DEHIBE:Ny fahitan'ny mason'ny ankizy dia mila zahàna aloha faran'izay tratra (ny tsara indrindra dia manodidina ny 4 taona). Azonao atao ny mampiasa ny tabilao 'E' (jereo nyManampy Ireo Mpiasa'ny Fahasalamana Hianatra, p.24-13). Tilio tsirairay ny maso mba hahafantarana ny olana mety mahazo ny maso iray. Raha tsy mahita tsara ny maso iray na izy roa dia mandehana manantona dokoteran'ny maso.




## FIVONTOSAN'NY HODI-MASO(HORDEOLUM)

Fivontosana miloko mena eo amin'ny hodi-maso, mateitka eo amorony. Mba hitsaboana izany dia asio kaompresy mafana sy nomandoina tamin'ny ranon-tsira kely. Ny fampiasana antibiotika miendrika menaka ho an'ny maso in-3 isan'andro dia hisoroka ny fivontosan'ny hodi-maso hafa hitranga (jereop. 378).



## ARETIN'NY HODI-MASO MIHITATRA MANKEO AMIN'NY FITARAMASO

Nofo mihamatevina eo amin'ny velaran'ny maso izay mihitatra miadana avy eo amin'ny sisin'ny faritra fotsy amin'ny maso manakaiky ny orona ary mankany amin'ny fitaramaso; ateraky ny masoandro, rivotra ary ny vovoka amin'ny ampahany. Ny fanaovana solomaso mainty dia manampy amin'ny fanamaivanana ny firehetana ary mampiadana ny fitombon'ilay aretina. Izy io dia tsy maintsy esorina amin'ny alalan'ny fandidiana alohan'ny hahazoany ny anakandriamaso. Saingy indrisy fa aorian'ny fandidiana dia miverina indray ilay aretin'ny hodi-maso mihitatra mankeo amin'ny fitaramaso.




Ny fitsaboana nentin-drazana amin'ny alalan'ny vovoka akorandriaka dia manimba fa tsy manasitrana. Mba hampihenana ny hidihidy sy ny firehetana dia azonao atao ny manandrana mampiasa kaompresy mangatsiaka. Na mampiasa camomille atete (nampangotrahana, notatavanina, nampangatsiahana, tsy asiana siramany).


## FITARAMASO KIAKA, MAMAIVAY, NA MANOLATRA

Misy kiaka na simban'ny otrikaretina ilay velarana manify kely, saro-pady eo amin'ny fitara-maso, mety ho **fivaivain'ny fitaramaso** ny vokatr'izany. Raha sarotra aminao ny mahita amin'ny mazava, mety ahita faritra miloko volondavenona na tsy dia mangirana eo amin'ny velaran'ny fitaramaso.

Raha tsy voatsabo tsara, ny fivaivain'ny fitaramaso dia mety hitarika fahajambana. Asio antibiotika miendrika menaka ho an'ny maso, in-4 isan'andromandritra ny 7 andro (p.378). Raha tsy mihatsara ao anatin'ny 2 andro ilay maso, manatona dokotera.



Ny **holatra eo amin'ny fitaramaso** dia faritra fotsy tsy manaintaina eo amin'ny fitaramaso. Izy io dia mety ho vokatry ny fivaivain'ny fitaramaso efa sitrana, firehetana, na ratra hafa nahazo ny maso. Raha jamba ny maso roa saingy mbola afaka mahita mazava ihany ilay olona, ny fandidiana (famindrana fitaramaso) ny ila-maso dia mety hampiverina ny fahitana. Raha misy olatra ny maso iray nefa mbola mahita tsara ny maso ilany dia fadio ny fandidiana. Arovy tsy haratra ilay maso mbola tsara.






## FANDEHANAN-DRA AMIN'NY FARITRA FOTSY AMIN'NY MASO

Faritra miloko mena toy ny rà eo amin'ny faritra fotsy amin'ny maso izay miseho indrindray rehefa avy nibata zavatra mavesatra na nikohaka mafy (toy ny amin'ny kohadavareny), na voadona ny maso. Io tranga io dia vokatry ny fahavakisan'ny lalan-drà kely. Tsy mampidi-doza io, toy ny mangana, ary hiala moramora tsy mila fitsaboana ao anatin'ny 2 herinandro.


Ny faritra miloko menakely dia mateti-pitranga eo amin'ny mason'ny zaza vao teraka. Tsy mila fitsaboana.



## FANDEHANAN-DRA AO AMBADIKY NY FITARAMASO (HYPHEMA)


Ny rà ao ambadiky ny fitaramaso dia fambara loza. Izy io dia vokatry ny ratra nahazo ny maso avy amin'ny zavatra mahadonto, toy ny totohondry. Raha toa manaintaina na lasa tsy mahita, asaivo manantona manam-pahaizana mikasika ny maso eo no ho eo ilay olona.

Raha malefaka ilay fanaintainana ary tsy very ny fahitana, sarony amin'ny lamba kely ny maso roa ary ataovy matory ao am-pandriana mandritra ny andro maro ilay olona. Raha toa vao maika mihombo ny fanaintainana ao anatin'ny andro vitsy dia mety mihamafy ilay maso (areti-maso miteraka fihenana ny taham-pahitana, p.222). Ento manantona dokoteran'ny maso **no ho eo** ilay olona.



## NANA AO AMBADIKY NY FITARAMASO (HYPOPYON)

Ny nana ao ambadiky ny fitaramaso dia famantarana firehetana mahery vaika. Izy io matetika dia hita miaraka amin'ny fivaivain'ny fitaramaso ary famantarana fa atahorana ny maso. Asio antibiotika miendrika menaka ho an'ny maso (p.378) ary manatona dokotera eo no ho eo. Raha voatsabo tsara ilay fivaivay dia hiala ho azy amin'ny maso ilay nana ao ambadiky ny fitaramaso.



## ZAVO-MASO

Lasa manjavozavo ny ao ambadiky ny anakandriamaso, azonao tazanina amin'ny alalan'ny fitsilovana azy amin'ny jiro izany. Ny zavo-maso dia aretina mpahazo ny zokiolona, saingy mitranga eo amin'ny zazakely ihany koa, fa tsy dia fahita. Raha mbola afaka mahita mazava ao anatin'ny haizina sy mahatsikaritra zavatra mihetsika ilay olona jamban'ny zavo-maso dia mety mbola hampahita azy ihany ny fandidiana. Mandritra ny fandidiana, soloina lasa artifisialy ilay ao ambadiky ny anakandriamaso mba hamerenana ny fahitana ary tsy ilaina ny fanaovana solomaso. Tsy manasitrana ny zavo-maso ny fanafody.





## TSY FAHITANA AMIN'NY ALINA SY HAMAINA-MASO (TSY FAHAMPIANA VITAMINA)

Io areti-maso io dia hita matetika eo amin'ny zaza anelanelan'ny 1 sy 5 taona. Avy amin'ny tsy fihinanana sakafo misy vitaminaA izany. Raha tsy hita ka tsy voatsabo mialoha dia mety hiteraka fahajamban'ny zaza.

### Famantarana:

- Amin'ny voalohany, mety **tsyhahita amin'ny alina** ilay zaza. Mety tsy hitovy amin'ny tsy fahitan'ny olona amin'ny alina ny mahazo azy.
- Aty aoriana dia voan'ny **hamaina-maso** izy (*xerophthalmia*). Tsy mangirana intsony ilay faritra fotsy amin'ny maso ary manomboka mikentrona.
- Misy faritra mibontsibontsina miloko volondavenona (*Bitot's spots*) miforona eo amin'ny maso.
- Rehefa mihombo ny aretina dia lasa maina sy matroka ihany koa ny, ny fitaramaso, ary mety hisy loadoaka kely.
- Avy eo dia hihamalemy haingana ilay fitaramaso, hivonto, ary mety ho vaky. Matetika dia tsy manaintaina. Io otrikaretina io dia mety hitarika fahajambana, holatra, na fahasimbana hafa.
- Ny hamaina-maso matetika dia miantomboka ary miharatsy rehefa mararin'ny aretina hafa toy ny aretim-pivalanana, kohadavareny, raboka na kitroto ny zaza. **Zahao ny mason'ny zaza marary sy tsy ampy lanja rehetra.** Sokafy ny mason'ny zaza ary jereo ny famantarana tsy fahampiana vitaminaA.



### Fisorohana sy fitsaboana:

Ny hamaina-maso dia mora sorohana amin'ny fihinanana sakafo misy vitamina A. ataovy izao manaraka izao:

- ◆ Omeo nono ny zaza—hatramin'ny faha-2 taonany raha azo atao.
- ◆ Aorinan'ny faha-6 volany dia atombohy ny fanomezana sakafo be vitamina A ny zaza, toy ny ravina legioma maitso be, sy voankazo mavo na vonimboasary toy ny papay, manga, ary voatavo korzety. Ny ronono feno, atody, ary ati-kena ihany koa dia be vitamina A.
- ◆ Raha tsy mazoto mihinana ireo sakafo ireo ny zaza, na manomboka maneho famantarana tsy fahitana amin'ny alina nahamaina-maso dia omeo vitamina A. 200,000 units (60 mg. retinol, vongam-panafody na miendrika rano) in-dray isaky ny 6 volana (p. 391). Ny zaza latsaky ny 1 taona dia tokony mihinana 100,000 units.



- ◆ Rehefa somary mahery vaika ny zava-misy dia omeo vitamin A 200,000 units ilay zaza ny andro voalohany. 200,000 units ny andro faharoa ,ary 200,000 units 14 andro aty aoriana. Ny zaza latsaky ny 1 taona dia tokony mihinana ny antsasak'io fatra io(100,000units).
- ◆ Eo amin'ny fiaraha-monina izay hitrangan'ny hamaina-maso matetika dia omeo vitamina A 200,000 units in-drainy isaky ny 6 volana ireo vehivavy mampinono, omeo ihany koa ireo vehivavy mitondra vohoka mandritra ny tapany faharoan'ny fitondrany vohoka.

TANDREMO: Poizina ny vitamina A be loatra. Aza manome mihoatra ny fatra natoro eto.

Raha toa ka mahery vaika ny mahazo ny mason'ilay zaza, matroka, misy loadoaka, ary mivonto ny fitaramaso dia mahazoa fanampiana ara-medikaly. Mila asiana bandy ny mason'ilay zaza ary mila mahazo vitamina A eo no ho eo izy, tsara raha tsindrona 100,000 units eo amin'ny hozatra.

**Ny ravina legioma maitso be, ny voankazo sy legioma miloko mavo na volomboasary dia misoroka ny fahajambana eo amin'ny zaza.**

## TEBOTEBOKA NA 'LALITRA'EO ANOLOAN'NY MASO(LALITRA MANIDINA)

Matetika ny zokiolona dia mitaraina fa mahita teboteboka mihetsika rehefa mijery velarana mazava(rindrana, lanitra).Mihetsika ireo pentipentina rehefa mihetsika ny maso ary toy ny lalitra kely. Ireo teboteboka ireo matetika dia tsy mampaninona ary tsy milafitsaboana.Saingy raha mitranga tampoka sady maro be izy ireo ka manomboka tsy mahita ny amin'ny sisiny, mety ho zava-doza izany(temimaso misaraka). **Manatona dokotera eo no ho eo.**

### FAHITANA MIZARA ROA

Ny fahitana mizara roa dia manana antony maro.

Raha miseho tampoka ny fahitana mizara roa, maharitra ela,na mihombo moramora dia mety ho famantarana aretina mampidi-doza izany. Manatona dokotera.




Raha mitranga tsindraindray fotsiny ny fahitana mizara roa dia mety ho famantarana havizanana na harerahana, na mety tsy fahampian-tsakafo. Vakio ny Toko 11 mikasika ny sakafo tsara ary ezaho ny mihinana sakafo tsara araka izay azo atao. Raha tsy mihatsara ny fahitana dia manatona dokotera.

## FAHAJAMBANA ATERAKY NY ALOILOY(ONCHOCERCIASIS)

Ity aretina ity dia mpitranga amin'ny faritra maro any Afrika sy toerana sasany any Meksika atsimo,Amerika afovoany, ary Amerika avaratra mianatsimo. Ny otrikaretina dia ateraky ny kankana kely dia kely izay entin'ny lalitra kely vokoka na moka fantatra amin'ny anarana hoe aloiloy(*simulids*) avy amin'ny olona iray mankany amin'ny olona iray hafa.


Ireo kankana dia'mitsindrona'any anatin'ilay olona rehefa voakaiketry ny aloiloy misy izany izy.



ALOILOY



Ny tena halehibeny



**Famantarana ny fahajambana ateraky ny aloiloy:**

- volana maro aorian'ny nahavoakaiketry ny aloiloy ka nidiran'ireo kankana tao anatin'ny vatanadia manomboka misy fivontosana kely ao ambanin'ny hoditra. Any Amerika, ireo fivontosana dia matetika eo amin'ny loha sy ny tapany ambonin'ny vatana; any Afrikadia eo amin'ny tratra, ny vatana ambany ary ny fe. Matetika dia tsy mihoatra ny 3 hatramin'ny 6 ny isan'ny fivontosana. Mitombo halehibe miadana izy ireo ha mahatratra 2 hatramin'ny 3sm. Tsy marary izy ireo matetika.
  - Mety hangidihidy rehefa miparitaka ireo zanaka kankana.
  - Marary ny lamosina, soroka, na ny taola-maoja, na 'maharary manerana ny vatana'.
  - Mihalehibe ny atody tarimo eo amin'ny teta.
- Mihamatevina ny hoditry ny lamosina na ny kibo, misy mason-koditra lehibe toy ny hodim-boasary. Mba ahitana izany dia jereo amin'ny jiro mazava avy eo amin'ny sisiny ilay hoditra.
  - Raha tsy voatsabo ilay aretina dia lasa miketrona tsikelikely toy ny hoditra antitra. Mety hisy pentipentina na faritra mazava loko hiseho eo ambanin'ny ranjo. Mety hisy fitsovhana maina hitranga eo amin'ny tongotra sy ny vatana.
  - Ny areti-maso matetika dia mitarika fahajambana. Amin'ny voalohany dia mety ho mena ny maso ary hisy ranomaso, avy eo dia hisy famantarana fivaivain'ny anakandriamaso (p. 221). Lasa matroka sy feno loadoaka ny fitaramaso toy ny hamaina-maso (p. 226). Farany dia very ny fahitana noho ny holatra eo amin'ny fitaramaso, zavo-maso, areti-maso miteraka fihenana'ny taham-pahitana, na olana hafa.

**Fitsaboana ny fahajambana ateraky ny aloiloy:**

Ny fitsaboana aloha be dia misoroka ny fahajambana. Eny amin'ny toerana izay fantatra fa hitrangan'ny fahajambana ateraky ny aloiloy, mitadiava fitiliana sy fitsaboana amin'ny dokotera rehefa mitranga ny famantarana voalohany.

- ◆ Nylvermectin (Mectizan) no fanafody tsara indrindra ho an'ny fahajambana ateraky ny aloiloy ary mety tsy vidiana izany eny amin'ny tobim-pitsaboana eo an-toerana. Ny Diethylcarbazine sy Suramindia fanafody hafa ampiasaina mba hitsaboana ny fahajambana ateraky ny aloiloy, saingy indraindray izany dia manimba fa tsy manasitrana, indrindra rehefa manomboka simba ny maso. Tsy maintsy ny mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa ihany no manome izany. Ho an'ny fatra sy ny fepetra mikasika ireo fanafody ireo dia jereo ny p.377.
- ◆ Ny antihistaminiquedia manampy amin'ny fanamaivanana ny hidihidy (p.385).
- ◆ Ny fanesorana ireo fivontosana amin'ny alalan'ny fandidiana dia mampihena ny isan'ireo kankana.

**Fisorohana:**

- ◆ Ny aloiloy dia mivelona amin'ny rano mikoriana haingana. Ny fanapahana ny bozaka sy ny zavamaniry eo amoron'ny renirano mikoriana haingana be dia manampy amin'ny fampihenana ny isan'izy ireo.
- ◆ Fadio ny matory eny ankalamanjana—indrindra mandritra ny andro, satria amin'io fotoana io no matetika manaikitra ireo aloiloy.
- ◆ Miaraha miasa amin'ny tetikasa ho an'ny fifehezana ny aloiloy.
- ◆ Ny fitsaboana aloha be dia misoroka sy mampihena ny fihanaky ny aretina.